DAHALO SY MPITANDRO FILAMINANA

# Nahery vaika ny fifandonana, dahalo 3 lavo, 3 hafa naratra mafy

Nahery vaika ny fifandonana teo amin'ny dahalo sy ny mpitandro filaminana tany Ambalamanga, kaominina Ankondromena any amin'ny distrikan'i Miandrivazo, faritra Menabe. Vokany: dahalo 3 no lavo, 3 hafa naratra mafy. Tsy tantara sarimihetsika, na sarin'ady no nisy tamin'izany, fa tena hetsika naneho ny ezaka ataon'ireo mpitandro filaminana any ambanivohitra any hiarovana ireo vahoaka sy ny fananany. Nisy tranga fifandonana in-telo miantoana teo amin'ny andian-dahalo sy ny mpitandro filaminana: Zandary sy Tafika, tao antanànan'i Ambalamanga, fokontany sy kaominina ambanivohitra Ankondromena distrikan'i Miandrivazo afak'omaly. Dahalo miisa 3 lavo, 3 hafa naratra mafy, sarona ireo omby halatra novonoina. Ankoatra izaany, ny alatsinainy 30 novambra 2020 dia tratran'ny tompony tao Ankondromena ny omby iray izay nisy nangalatra nefa namidy ka lasa nitsoaka ny olona nitondra azy, izay avy ao Ambalamanga. Ny alarobia 2 desambra 2020 maraina be tokony ho tamin'ny 5 ora dia tonga tao Mokotra, fokontany sy kaominina ambanivohitra Ankondromena ny andian-dahalo 30 lahy mahery, namono tamin'ny fomba feno habibiana ireo mpiandry omby miisa roa, izay marihina fa mpiandry ombin'ilay tompon'omby tratra tany an-tsena. Ny talata 8 desambra 2020 dia nandeha hisambotra ireo dahalo namono nahafaty azy roa ireo ny zandary sy tafika malagasy (Zrps charlie) avy ao Ankondromena. Rehefa tonga teo ambanin'ilay tanàna antsoina hoe Ambalamanga ireo mpitandro filaminana dia efa nisy dahalo roa nitazana niaraka tamin'ny basim-borona izay nitifitra avy hatrany. Namaly tifitra koa ny zandary sy tafika, ka indroa nifandona vao tafiditra tao amin'ilay Ambalamanga, izay mandan'ireto fahavalo. Tsy vita teo anefa ny ady fa namory namana ireo dahalo, ka niha-maro sy nihorakoraka ary nanatona ny mpitandro ny filaminana, izay efa nahavoafehy ny tanàna Ambalamanga . Raikitra fanintelony ny fifampitifirana ary tsy nihemotra mihitsy ireo mpitandro filaminana feno herim-po. Rehefa nisy telo maty sy telo naratra ireo dahalo dia noentin'izy ireo nandeha izay voa, fa nandroso foana izay mbola velona. Nanova paik'ady tampoka ireo mpitandro filaminana, resi-tosika sy vaki-lefa ireo dahalo. Rehefa natao ny fizahàna antsipiriany ny toerana tao Ambalamanga dia nahitàna kitoza maro sy hoditr'omby izay mitondra ny marika an'ilay mpampiasa ireo mpiandry omby maty tany aloha. Hita tao ihany koa ny lamban'izy roa izay novonoin'ireto dahalo. Mbola mitohy ny tantara, fa nandefa iraka ireo dahalo any anaty ala any, ka nampitady mpitsabo hanavotra ireo namany naratra sy nilaza ny mbola hanafika ao Ankondromena.

Ireo mpiandro filaminana ahitàna ny Zandary sy Tafika koa anefa dia efa vonona, na ara-pitaovana, na ara-moraly, hiaro ireo vahoaka any an-toerana sy ny manodidina, ary efa manao haza-lambo ireo dahalo, fa tsy mionona ny fiavian'izy ireo fotsiny ihany. Re ihany koa anefa, fa maro amin'ireo dahalo no hilavo lefona, ka hanolotra ny tenany amin'ny manampahefana.

**Stefa**



*Ny fanafihana nataon'ny mpitandro filaminana tany Ambalamanga Ankondromena.*

## Sakafo Ny Valosoa



**Sofin-kisoa lafihana salady** indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary voatabia ihany koa miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Ny fomba fisorohana ny rarintsaina na ny stress



Ny fomba fisorohana ny rarintsaina, n any stess indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Ny rarin-tsaina (stress) dia vokatry ny fiasana saina be loatra, na havizanana be loatra, na vokatry ny olana(problème) midona matetika amin'ny fiainana, ka manjary lasa (stress). Ho fisorohana izany dia ilaina ny fandaminan-tsaina. Mila fitiavana amin'ny manodidina azy ny olona tratran'ny rarintsaina na (stress). Mila tambitamby, teny mamy, fankasitrahana, azo atao koa ny manome fanomezana ohatra: voninkazo, na izay zavatra fantatra fa hahafinaritra ilay olona... Na lahy na vavy mety ho tratran'ny rarintsaina avokoa. Ny manao fanatanjahantena, na ny fampiasana vatana toy ny hazakazaka madinika vao maraina , na manao fampiasam-batana dia manampy ampihena ny rarin-tsaina. Ny fisotroana ronono velona 1vera ampiarahina amin'ny dite 1vera nasiana tantely 1sotro lehibe fihinanana amin'ny hariva alohan'ny hatory dia misoroka koa ny rarintsaina.

Misy safidy hafa ihany koa hampihena izany rarintsaina izany, raha toa ka tena miteraka tsy fahitan-tory. Raha tsy mpisotro alikaola ny olona iray no mandaitra ity torohevitra ity: misotro labiera 1vera alohan'ny hatory.

## Mazotoa mihira

Manjombonjombona isa-kariva ny lanitra amin'ny faritry ny afovoan-tany eto amintsika tato ho ato, ny any amin'ny faritra Atsimo kosa anefa zara raha misy rahona, ka tsy ahafahana mandatsaka orana tsy voajanahary. Ny Lanitr'i Gasikara izay no tononkira atolotra anao androany, hirain'ny Tarika Ny Railovy, dia mazotoa mihira e!

### Lanitr'i Gasikara

**Mpamorona : Jérôme Randria / Mpihira : Tarika Ny Railovy**

Hitako eto indray
Ny lanitrao ry Nosy soa
Madio mangamanga, lalaovan-drahona
Mamelombelona fanahy
La la...Nilaozako ela be La la...
Ka hitako eto indray

Hitako eto indray
Ny lanitrao ry Nosy soa
Ka hira no vetsoina, ho fifaliana
Mahita indray ny volonao
La la… Voadiko hatry ny ela
La la... Ny hanompo anao ho doria

Hitako , tiako , ny lanitrao ry Nosy soa
Fitiavana, hireharehavana
Hiantsoko anao Madagasikarako
Na manana ianao, na ory dia izao
Mivelona ho anao no tarigetrako
Ny anaranao, anatiko ao
Hiantsoko anao Madagasikarako

Hitako , tiako , ny lanitrao ry Nosy soa
Fitiavana, hireharehavana
Hiantsoko anao Madagasikarako(beso)

Hitako eto indray
Ny lanitrao ry Nosy soa
Ka hira no vetsoina, ho fifaliana
Mahita indray ny volonao La la…
Voadiko hatry ny ela La la... Lanitr'iny



## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'Antonibe any amin'ny distrikan'Analalava, faritra Sofia

Ny tanànan'Antonibe any amin'ny distrikan'Analalava, faritra Sofia indray no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Antonibe ity tanàna ity. Azo lazaina ho iva toerana izy satria 17 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Saika tantsaha mpamboly sy mpiompy ary mpanjono ny mponina ao aminy. Amin'ny maha-kaominina ambanivohitra an'Antonibe, ratsy ny lalana mampifandray ireo fokontany ao aminy.




